FANGATAHANA SOLON-TSAKAFO
(PENSION ALIMENTAIRE)

Antananarivo, faha..............................

Andriamatoa/Ramatoa FILOHAN'NY FITSARANA AMBARATONGA VOALOHANY...........................................

Antony: Fangatahana solon-tsakafo

Andriamatoa/Ramatoa FILOHA,

Voninahitra ho ahy ................................................................., tompon'ny kara-panondro laharana ..........................................nomena tao.......................................... tamin'ny ................................., monina ao amin'ny lot .........................................................................no manao izao fangatahana izao fa izaho sy ........................................................................ monina ao amin'ny lot ........................................................................dia nifampiteraka fa tsy nivady ara-panjakana ary .............(isa) no zanakay.

Izy anefa dia tsy manome vola ara-dalàna (na tsy manome mihitsy) ho famelomana ireo zanakay ireo.

Koa mangataka aho ny hiantsoana azy eo anatrehan'ny Fitsarana mahefa, ka handidiana azy handoa vola mitentina ...........................................Ariary isam-bolana (izay tapahina avy hatrany amin'ny karamany).

Raiso Andriamatoa/Ramatoa FILOHA ny haja atolotro ho anao.

Sonia

TSY AZO AMIDY

**MINISTERAN'NY FITSARANA**

----------

---------------

**FOIBEM-PITONDRANA MISAHANA NY FANDINIHANA SY NY FANAVAOZANA LALANA**

------------

**SAMPAN-DRAHARAHA FANAPARIAHANA LALANA**

-------------

# NY SOLON-TSAKAFO

## (PENSION ALIMENTAIRE)

## NY ATAO HOE « SOLON-TSAKAFO »

- **Vola** aloan'ny ray na ny reny amin'ny iray amin' izy ireo entina iantsorohana **ny famelomana ny zaza iombonana** (*nateraka* na *natsangana* na *nozanahana*)
- Adidy sy andraikitry ny ray aman-dreny ny mikarakara sy mandray an-tànana ny fiainana sy fianaran'ny zanany
- Ferana arakaraky ny fidiram-bolan'ny andaniny sy ny ankilany ary ny filàn'ireo zanany

## RAHOVIANA NO AFAKA ANGATAHINA IZANY ?

- Amin'ny fotoana hampidirana **ny fangatahana ny fisaraham-panambadiana** eny anivon'ny Fitsarana
- Ho an'ireo ray aman-dreny **tsy vita soratra ara-panjakana** kosa fa **nanjanaka** ilay zaza iombonana fotsiny ihany ny rainy dia afaka mangataka izany eny anivon'ny Fitsarana ny iray amin'izy ireo izay mihazona ny zaza iombonana.

## FITSARANA MAHEFA :

Fitsarana Ambaratonga Voalohany ao amin'ny toeram-ponenan'ny toriana

## IREO ANTONTAN-TARATASY ILAINA :

- Taratasy fangatahana alefa amin'ny Lehiben'ny Fitsarana, misy ny **adiresy mazavan'ny mpangataka sy ny toriana** ary **mamaritra mazava tsara ny vola angatahana,**
- Ny sora-panambadiana sy ny dika mitovin'ny bokim-pianakaviana (raha nisoratra ara-panjakana),
- Ny sora-pahaterahan'ireo zaza iombonana (nateraka na natsangana na nozanahana),
- Ny sora-panjanahana na sora-pananganan'ireo zaza iombonana,
- Ny taratasy fanamarinana ny vola miditra amin' ireo ray aman-dreny (oh : fanamarinan-karama),
- Ny taratasy rehetra manamarina ny fandaniana momba ireo zaza (oh :rosia nandoavana ny saram-pianarana, ny fandaniana aminy isam-bolana)

## AVANTANA AMIN'IZA ARY IREO REHETRA IREO ?

Amin'ny Lehiben'ny mpirakidraharaham-pitsarana

## SARAN'NY FAMPIDIRANA NY FANGATAHANA ENY AMIN'NY FITSARANA

**Roa arivo sy telo alina Ariary (32.000 Ar)**
Izay aloa ao amin'ny lehiben'ny mpirakidraharaham-pitsarana ka manome rosia nandoavana izany

## NY PAIK'ADY :

- Mahazo fiantsoana hiatrika fitsarana ny ray sy ny reny ary izy ireo irery ihany no manatrika izany fa tsy soloina tena,
- Didim-pitsarana mivoaka ampahibemaso no mametra ny solon-tsakafo aloan'ilay toriana amin'ny ankilany ary izany didy izany dia tanterahina avy hatrany na dia nanao fampakàrana Fitsarana Ambony aza izy

## MBOLA AZO ANGATAHANA FAMPIAKARANA NA FAMPIDINANA VE NY MARI-BOLA SOLON- TSAKAFO VOAFARITRA AO ANATY DIDY ?

**Eny,** raha toa ka misy fiovana eo amin'ny fidiram-bolan'ireo ray aman-dreny na ny filàn' ireo zaza iombonana (oh : fiakaran'ny fandaniana momba ireo zaza iombonana, fiovana asa ka niteraka fihenana na fisondrotan'ny karama…)

## ARY AZON'ILAY NOTORIANA ATAO IHANY KOA VE NY MANGATAKA NY HAMPITSAHARANA MIHITSY ILAY FANDOAVANA SOLON-TSAKAFO ?

**Eny,** raha toa ka nafindra aminy ny fihazonana ny zaza iombonana